
Fivoriana fampaherezam-panahy



Fahafahana Miala amin'ny Legalisma

Voavela ny heloko ary nafahana tamin'ny fahotako aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ao amin’ny Romana 8:15, Paoly dia niresaka tamin’ireo Kristiana natao batisa tamin’ny Fanahy Masina, ary hoy izy:

> "Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin’ny tahotra indray hianareo."

Fatorana dia midika hoe fanandevozana. Nampitandrina ny Kristiana i Paoly mba tsy hamela ny devoly hamerina azy ireo ho andevo. Ary mazava be ilay soso-kevitra fa ny endriky ny fanandevozana izay hitaona azy ireo hiverina dia ny fanandevozana ara-pomba-pivavahana — ny fanarahana ny lalàna izay nanafahana azy ireo fony Jesosy maty teo amin’ny hazo fijaliana.

Ny bokin’ny Galatiana iray manontolo dia miresaka momban’ity olana ity indrindra amin’ny tsy fanandevozan’ny lalàna ara-pivavahana taorian’ny nanafahana azy tamin’ny alalan’ny filazantsara sy ny herin’ny Fanahy Masina. Raha ny marina, dia noheverin’i Paoly ho zavatra mafy kokoa sy mampidi-doza kokoa noho ny firaisana ara-nofo sy ny fijangajangana ary ny fampirafesana, io raharaha io. Tena mahavariana izany, fa ny epistily ho an’ny Galatiana ihany no epistilin’i Paoly izay tsy nosokafany tamin’ny fisaorana an’Andriamanitra noho ireo olona nanoratany. Sosotra aoka izany izy noho ny nataon’ny Galatiana ka nivantana tamin’ny foto-keviny izy.

> "Gaga aho, raha mifindra faingana toy izao hianareo hiala amin'Izay efa niantso anareo tamin'ny fahasoavan'i Kristy ho amin'ny filazantsara hafa." (Galatiana 1:6)

Ity dia ohatra mazava momba ny demonia ara-pivavahana mamerina ny olona ho amin'ny fanandevozan'ny lalàna. Aoka isika hanaraka ny fampitandremana hentitra nomen’i Paoly hoe:

> “Fa aza mety hohazonin'ny zioga fanandevozana intsony.” (Galatiana 5:1)

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny Famelanao. Manambara aho fa tsy ho andevozin’ny lalàna ara-pivavahana aho rehefa avy nafahana tamin’ny alalan’ny filazantsara sy tamin’ny herin’ny Fanahy Masina. Voavela ny heloko ary afaka amin'ny fahotako aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-159-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

